

06 jolay 2010.
24 Tamouz 5770.

Ny fanakianana ny Baiboly.

« *Izaho dia manambara amin'izay rehetra mandre ny tenin'ny faminiana amin'ity boky ity: Raha misy manampy ireo, Andriamanitra hanampy ireo loza voasoratra eto anatin'ity boky ity ho azy; ary raha misy manaisotra amin'ny teny amin'ny bokin'ity faminiana ity, dia hesorin'Andriamanitra ny anjarany amin'ny hazon'aina sy amin'ny tanàna masina, dia izay zavatra voasoratra eto anatin'ity boky ity; » (Apok 22: 18 - 19)*

Toy izay manokatra ny fanahiny hidiran'ny tanam-pahazavana avy any an-danitra dia misy manao izay mifanohitra tanteraka amin'izany. Maneho petra-kevitra tsy ankasitrahany ny Fanahy Masina sy ny Tenin'Andriamanitra eny amin'ny polipitra sy any anaty gazety antsoratra izy. Tsy misy na dia iray aza olona na vondron'olona tokony haneho hevitra izay tsy tohanan'ny hoe "*Izao no voalazan'i Jehovah*". Raha misy olona hiasan'ny hery manginan'ny manodidina azy, tarihin'ny fironana avy any ambohoka na azo taty aoriana izay manalavitra azy ny fahendren'Andriamanitra ka mametraka ny tenany ho mpitsara ny Tenin'Andriamanitra milaza fa misy sasany ao avy amin'ny olombelona dia miasa tsy misy torohevitra avy amin'ny Tompo. Tsy mampiroborobo izany fanao izany Andriamanitra. Faharavàna no vokany ho an'izay zatra manao sy izay mihevitra izany ho asan'Andriamanitra. Maro ny fanahy latsaka ao amin'ny tsifinoana noho ireo petra-kevitra novelabelarina mikasika ny tsindrimandry. Misy olona tery saina sy voafetra fijery mahatsapa-tena hanakiana ny Soratra Masina milaza hoe : "*Ity andininy ity dia ilaina fa ity iray ity kosa tsy ilaina fa tsy azo tamin'ny tsindrimandry io*"

Tsy nanome torolalana mikasika ny Testamenta Taloha izay ampahany irery tamin'ny Baiboly tamin'izany fotoana izany ny amin'ny momba izany Kristy. Misarika mivantana ho eo amin'ny Testamenta taloha ny fampianarany mba hanazava misimisy kokoa ny lohahevitra lehibe nitranga tao. Nandritra ny taon-jato maro dia nivadika tamin'Andriamanitra ny Israelita ary ireo fahamarinana sarobidy izay nasaina hotazominy dia very anjavony. Nohamaizinin'ny tamin'ny fomba-pombam-pivavahana hafahafa izay manafina ny tena dikany ireny .

Tonga Kristy hanaisotra izay manamavo ny famirapiratan'ny. Napetrany teo amin'ny tena toerany tahaka ny firavaka vaovao ireny fahamarinana ireny. Nasehony fa tsy ny hanamavo ny fahamarinana tranainy izay nahazatra no nahatongavany fa hampiseho amin'ny heriny sy ny fahatsarany rehetra. Nasehony fa tsy takatry ny olona niarabelona taminy ny voninahitr'ireny. Tamin'ny maha-mpanoratra ireny fahamarinana ireny Azy dia afaka nanome ny heviny Izy, nanivana izany tamin'ireo famakafakana vilana sy petra-kevitra diso lalana neken'ny mpitarika ara-pivavahana mba hanalany tsiny ny tsy fahampian'ny fanoloran-tenany, ny fahabangan'ny ara-panahiny sy ny fialàny amin'ny fitiavan'Andriamanitra. Nesorin'i Kristy izay manakana ireo fahamarinana ireo tsy hisy aina sy tanjaka mba hampisehoana eo amin'izao tontolo izao ny fahavelombelomany sy ny fahatanjahany.

Raha ao amin-tsika ny Fanahin'i Kristy, raha mpiara-miasa Aminy isika dia adidin-tsika ny manohy ny asa izay natomboky ny Mpamonjy. Hamaizinin'ny fombafomba, ny fanaon-drazana, ny foto-pinoana diso mantsy amin'izao ny fahamarinana ao amin'ny Baiboly. Ny fampianarana tsy marina avy amin'ny teolojia manaradamaody dia nitondra tsifinoana amin'ny olona an'arivony maro. Misy fahadisoan-kevitra izay dradradradrain'ny maro fa fahamarinana ara-Baiboly nefa raha ny marina dia famakafakana vilana ny Soratra Masina nekena nandritra ny taonjato feno aizin'ny fanjakana papaly. Marobe no nanaiky fiheverandiso mikasika ny maha Andriamanitra tahaka ireo Jiosy tamin'ny androny izay nanaiky fiheverana diso mikasika ny tenan'i Kristy « *fa raha nahalala izy, dia tsy nohomboany tamin'ny hazo fijaliana ny Tompon'ny voninahitra* » (1 Kor2 :8) Ny andraikitra napetraka tamintsika dia ny hanambara an'izao tontolo izao ny tena toetran'Andriamanitra marina. Toy izay hanakiana ny Baiboly dia aleo hiezaka hampiseho eo anatrehan'ny olona ny fahamarinana masina sy mamelombelona mba « *hilazanareo ny hatsaran'ilay niantso anareo hiala tamin'ny maizina ho amin'ny fahazavany mahagaga.* » (1 Petera 2:9)

Ellen G. White Témoignages pour l'église p 367-369

